



**Centre Hospitalier
Universitaire
Tanambao I
ANTSIRANANA**

**IREO FANDRAISANA AN-TANANA
TOKONY ATAO MANDRITRY NY
FITERAHANA SY NY FOMBA
FAMELOMANA TSAIKY**

***BOKY NATAO HO AN'NY MATRONES
NA RENIN-JAZA***


FIKARAKARANA NY TSAIKY VAO TERAKA SY FOMBA FAMELOMAN'AINA

- Raha vao teraka ny tsaiky :

1. AMAININA TSARA IZY

TANDREMO! Raha toa ka naloto ny ranondoha (miloko maitso) dia tsy maintsy diovina haingana aloha ny aty vava sy lalandrivotra, izay vao amainina ny tsaiky

2. FATORANA TSARA NY TADIMPOITRA tahaka ny amin'ny sary (amin'ny clamp de Baar na raha tsy misy dia amin'ny kofehy madio)



3. RAHA MITOMANY TSARA NY TSAIKY:


- * ATAOVY MAFANA TSARA IZY
- * ARAHO MASO NY LOKONY SY FOMBA FIAINANY

4. RAHA TSY MITOMANY NY TSAIKY:

- MILA ADOSO IZAY MANENTSINA NY LALAN-DRIVOTRA :

Ampidiro ao ambavan'ilay menavava ny "sonde".

Sady trohy amin'ny « séringue » ny loto rehetra no sitomy hivoaka ny "sonde"



- **FAMELOMAN'AINA :**

- **Fanairana amin'ny tanana :** Safoina somary mafy ny lamosina, kitikitihana ny faladia
- **Fampidirana rivotra (ventilation) amin'ny alalan'ny « stéthoscope de Pinard » :**

- ▶ Araky ny hita amin'ny sary dia atao tafiditra anatin'ilay vataben'ny «stéthoscope» avokoa ny vava sy oron'ilay tsaiky
- ▶ Tsy atao mihatoka be ny lohanjaza, sady tsy mankany aoriana be no tsy mankany aloha be
- ▶ Tsofina tsimoramora ao anatin'ilay «stéthoscope», araky ny hita eo amin'ny sary ihany. Ara-dalàna ny fampidiran-drivotra natao raha toa ka hita miainga ny tratran'ilay tsaiky.



Tokony ho in-40 isa-minitra ny fampidirana rivotra amin'ny tsaiky. Noho izany dia mila manisa mandritry ny fampidiran-drivotra : “Iray, roa, telo...” « Iray » rehefa mitsoka mampiditra rivotra. « Roa-telo » rehefa miato kely... toy izay hatrany hatrany Araho maso tsara raha ara-dalàna ny fomba fiainan'ny zaza. Raha vao hitanao fa tsy ara-dalàna izany dia tohizo ihany ny fampidiran-drivotra ary ampio «massage cardiaque».

4. TELO (3) MINITRA AORIAN'NY NAHATERAHANY, RAHA MBOLA TSY MITOMANY FOANA NY TSAIKY, DIA TSY MAINTSY MANAO MASSAGE CARDIAQUE

- ▶ Ilàna olona 2 ny fanaovana izany :
 - ny iray, toy ny amin'ny sary, manindry ny fo amin'ny ankihibe 2 izay apetraka eo ambonin'ny tsipika mampiray ny nono 2. Tsindrina matetika ary amin'ny fomba mirindra izany, eo amin'ny halalina 2 sm eo ho eo.
 - ny iray kosa, manohy ny fampidiran-drivotra
- ▶ Tsy maintsy atao mirindra tsara ny fanorana ny fo sy ny fampidiran-drivotra , arak'izao : manotra intelo, mampiditra rivotra indray **(noho izany in-90 manotra ny fo ary in-30 mampiditra rivotra ao anatin'ny 1 minitra)**



ARETINA METY HITRANGA MANDRITRY NY FITONDRANA VOHOKA

I. NY FIAKARAN'NY TOSI-DRA


Lazaina fa manonga ny tosi-drà, raha toa ka :

- ▶ TA \geq 14/9
- ▶ Misy « Albumine » amin'ny fivalanan-drano



Fitrangany :

- ▶ Mangagna ny andoha +++
- ▶ Maneno ny sofina
- ▶ Mahita teboka mainty rehefa mijery
- ▶ Mivonto ny vatana na ratsam-batana, arahina fitomboan-danja betsaka loatra



TSY MAINTSY AMPIDIRINA HOPITALY LEHIBE, RAHA TOA KA :

- ▶ TA \geq 16/10 miampy ireo tranga samihafa voatanisa etsy ambony
- ▶ Mifanintona
- ▶ Marary maneko mafy amin'ny ambava-fo na eo amin'ny faritra ambanin'ny tratra ankavanana
- ▶ Sempotra

II. FISIAN'NY RA MIANGONA AMBADIKY NY AHITRA


Antony: Niendaka mialohan'ny fiterahan'ny tsaiky ny ahitra

Fitrangany :

- ▶ Mandeha lio miloko mena na mainty
- ▶ Mafy be sady mihenjana toy ny hazo ny tranon-jaza, sady marary maneko mafy



**= TSY MAINTSY AMPIDIRINA MALAKY ANY AMIN'NY
HOPITALY LEHIBE**



FANARAHA-MASO


REHEFA MIHETSI-JAZA HO TERAHA

Mihetsi-jaza ho teraka =

rehefa mihenjana marary ny kibo sady matetika isaky ny 2 na 3 minitra
+ misokatra tsikelikely ny vozon'ny tranon-jaza (iray ka hatramin'ny 10sm)

1. Mila arahi-maso matetika (isaky ny 30mn) ny fitempon'ny fon'ny zaza, amin'ny alalan'ny "sthétoscope de Pinard"

- Rehefa voatsapa ny lamosin'ny zaza, dia apetraka eo amin'ny faritry ny sorokiy ny zaza ny « sthétoscope de Pinard », ambony kelin'ny lohany
- Toy ny hita eo amin'ny sary ny fametrahana azy sy ny fomba fihainoana ny fitempon'ny fo. Fadio ny mitazona ny « sthétoscope » mandritra izany.



Tandremo , aza afangaro ny fitempon'ny fon'ny reny (70 – 110 isaminitra) sy ny fitempon'ny fon'ny zaza (120-160 isaminitra)

2. Fitsapana ny fisokafan'ny « col » : isaky ny ora 2 na 4



Tandremo !

- Tsy mahazo manena mihitsy ny mpiteraka raha tsy efa misokatra 10sm ny « col »
- Rehefa feno 10sm ny fisokafan'ny « col », tsy maintsy latsaka ny zaza ao anatin'ny adiny 3.



TSY MAINTSY ALEFA HAINGANA ANY AMIN'NY HOPITALY LEHIBE, RAHA TOA KA :

- ⚠ raha toa ka tsy mivoatra mihitsy ny fisokafan'ny col anatin'ny lera 3
- ⚠ raha efa misokatra 10sm ny « col » nefa tsy mety teraka anatin'ny lera 3
- ⚠ raha mikorontana ny fitempon'ny fon'ny tsaiky na latsaky ny 100 isaminitra
- ⚠ raha mivadika maitso be ny lokon'ny ranon-doha

IREO ATAO RAHA SENDRA FAHASAROTAN'NY FITERAHANA

I. ZAZA MIPETRAKA (NY TONGONY NA NY FIPETRAHANA NO MIBOAKA ALOHA)

- Raha mbola latsaky ny 10sm ny fisokafan'ny col : tonga dia alefaso malaky any amin'ny hopitaly
- Raha efa feno 10sm ny fisokafan'ny col :
 1. **Tsy mila fanampiana** : raha toa ka mivoaka mora foana ny vity na ny fipetrahana, avy eo ny vatana, tanana, ary ny loha





2.

3. Ilàna fanampiana raha toa ka tsy tafavoaka irery ny tsaiky



- Fadio ny misintona ny zaza raha toa ka mbola tsy tafavoaka tanteraka ny tongotra sy ny fipetrahana, ary indrindra raha tsy tazan'ny maso ny tratra.
- Raisina amin'ny fitomenany ny zaza, tandremana mba ho ny lamosiny foana no hita (sary 1), avy eo sitomina hihidina tsimoramora (sary 2)
- **Ny famoahana ny sorony** : ahodina hirirana ny zaza, raisina ary avoaka ny sandriny iray (sary




- **Ny famoahana ny lohany** : raisina ny zaza, ny tanana ilany ambony lamosiny, ary ny ilany amin'ny kibony (sary 1), ampidirina ao ambavany ny ratsan- tanana 2 madio, ary ampiakarina tsimoramora ho eo an-kibon-dreniny ny zaza (sary 2)

II. FAHASAROTANA EO AMIN'NY FIVOAHAN'NY SOROKA


= Tafavoaka ny lohan-jaza, saingy mihitsoka avy eo ny fivoahan'ny soroka

1. Atao miforoitra arak'izay azo atao ny fen'ilay renny




2. Potserina mafy amin'ny totohondry eo amin'ny tampin'ny fivaviana :

(mba ivoahan'ny soroka iray voalohany)




3. Raha tena mbola sahirana, dia tsy maintsy sokirina ny soroka

- Ampidirina ny tanana manaraka ny kibon'ny tsaiky
- Sambory ny sandry na tanana iray dia sintony mafy hihidina




FAHAVEREZANA LIO BE LOATRA EO AMIN'NY RENY NITERAKA AORIAN'NY FITERAHANA


 Antony voalohany mahatonga ny fahafatesan'ny reny aorian'ny fiterahana

I. Raha mbola tsy tafavoaka ny ahitra:

→ *tsy maintsy sokirina ny ahitra*


- Ny tanana iray : apetraka eo ambony kibo manohana ny tranon-jaza
- Ny tanana faharoa : ampidirina ao anaty tranon-jaza ary manendaka sy mamoka ny ahitra
- Rehefa tafavoaka ny ahitra dia averina atsofoka fanindroany ny tanana hanesorana izay mety ho ambinkambina ahitra tavela ao



 Aza hadinoina ny manome « Antibiotiques » ilay reny (ohatra : Amoxicilline 2g isan'andro)

II. Raha toa ka efa tafavoaka ny ahitra:

- *Ampidiro anaty tranon-jaza ny tanana hanadiovana azy, sao misy amina ahitra na vaingana lio tavela ao*
- *Orina ny tranon-jaza mba hikaikona*
- *Jereo sao misy rovitra ilàna fanjairana maika, na eo ivelan'ny fivaviana na ao anatiny*
- *Omeo fanafody mampikaikona ny tranon-jaza (Oxytocine, Misoprostol)*
- *Azonao atao ihany koa ny mampiasa « champs » na « compresses » na lamba atao mivangongo mba hampijanona ny lio*

 Ny reny very lio be loatra dia tsy maintsy omena « Antibiotiques » sy « Fer », rehefa nijanona ny lio

 **RAHA TOA KA:**

- **VAO AVY TERAKA TONGA DIA BE DIA BE NY LIO VERY**
 - **TSY METY MIJANONA NY LIO AFAKA ATSASAKADINY NIKARAKARANA**
 - **NA KOA LASA HATSATRA BE NA LASA VIZANA BE NA MITARAINA FANINA NA MANGETAHETA BE ILAY RENY**
- => DIA ALEFASO HAINGANA ANY AMIN'NY HOPITALY LEHIBE IZY**

OVIANA NY MPITONDRA VOHOKA NA NY MPITERAKA NO TSY MAINTSY ALEFA HAINGANA AMIN'NY CHU/CSB ?

1. FAHASAROTANA EO AMIN'NY FIAKARAN'NY TOSI-DRA :

→ TA \geq 14/9 + Misy « Albumine » amin'ny fivalanandrano + **ireto tranga manaraka ireto** (mangagna be ny loha, maneno ny sofina, mahita teboka mainty amin'ny maso, mivonto ny vatana na mitombo lanja betsaka anatin'ny fotoana fohy, sempotra)

→ Marary sady manindrona mafy amin'ny ambava-fo sy ambany tratra

→ Mifanintona

2. FISIAN-DRA AMBADIKY NY AHITRA :

→ Mandeha lio mena na mainty + Tranon-jaza mafy sy mihenjana be toy ny hazo no sady marary maneko mafy

3. REHEFA MIHETSI-JAZA, raha toa ka :

→ tsy nitohy fa nijanona teo amin'ny refy iray ny fisokafan'ny « col » lera telo

→ efa feno 10sm ny fisokafan'ny « col », nefa mbola tsy mety teraka ihany ao anatin'ny lera 3

→ miadana loatra (latsaky ny 100 isaminitra) ny fitempon'ny fon'ny zaza, na koa mikorontana be ny fitempony

→ lasa maitso be ny lokon'ny ranon-dohany

4. MANDEHA LIO BE LOATRA AORIAN'NY FITERAHANA

5. FAHATATAHANA MANDRITRY NY FITERAHANA :

→ raha toa ka tataka tsotra na mahatratra ny lavabody ny rovitra, na koa lalina loatra

TOROHEVITRA MOMBA NY ANDAVANANDRON'IREO MITONDRA VOHOKA

● SAKAFO :

- Sasao tsara foana ny legioma sy voankazo
- Hena, laoka, atody masaka tsara ihany no hohanina
- Fadio ny mihinana :
 - fromazy vita amin'ny ronono manta,
 - hena tsy masaka, makamba
 - trondro nasaly
- Fadio ny misotro toaka, ny mifoka sigara, ny mihinana katy
- Tsy tokony hihinana fanafody raha tsy nahazo alalana avy amin'ny dokotera



TANDREMO ny tambavy sy ny vokatra rehetra azo avy amin'ny zava-maniry, satria mety hitarika fahaterahana alohan'ny fotoana, fiendahan'ny ahitra alohan'ny fotoana na koa tsy fahasalamana eo amin'ny tsaiky.

● FAHADIOVANA :

- Aza hadinoina ny manasa tanana matetika, indrindra mialoha ny hisakafo
- Fadio ny fikitihana ny maloton'ny saka

● FAMPIASAM-BATANA :

- Azo atao tsara ny manao dihin-tongotra madinidinika isan'andro, saingy fadio ny mitondra entana mavesatra
- Ny firaisana ara-nofo dia azo atao tsara mandritry ny fotoana itondrana ny vohoka, ajaona kosa raha toa ka misy lio na tsiranoka na rano mandeha, na marary tady hiteraka mialohan'ny fotoana.



Fadio ny maneritery ny kibon'ny bevohoka fa mety hitarika olana eo amin'ny vohoka izany, toy ny fiendahan'ny ahitra mialohan'ny fotoana na ny fahafatesan'ny tsaiky ao am-bohoka.